

ALAHADY faha-5 PAKA - TAONA B



« Izaho no foto-boaloboka ary ianareo no sampany. Izay mitoetra ao amiko sy itoerako no mamoa be » (Jo. 15: 5)

Ry Kristianina havana, araky ny efa voalazantsika isaky ny Alahady amin'izao Paka izao dia mampisongadina ny toetran'i Jesoa anankiray ireo vakiteny atolotry ny Eglizy. Tamin'ny Alahady lasa teo dia i Jesoa Mpiandry Ondry Tsara no nankalazaintsika, tamin'ny Alahady fahatelo dia i Jesoa Mpriara-belona amintsika, ny Alahady faharoa dia i Jesoa Endriky ny Famindrampon'Andriamanitra eo anivontsika, ny Alahady ny Paka i Jesoa Aina Vaovao. Amin'izao Alahady fahadimy ny Paka izao dia i Jesoa Foto-boaloboka, i Jesoa Voaloboka ary isika no rantsany. Io no asongadin'ny vakiteny androany. Isika no rantsana, sampana mitoetra sy mifikitra aminy, mifanaraka tsara amin'ny fiomanantsika amin'ny filankevitra pastoraly ity Alahady fahadimy ity. I Jesoa fotoboaloboka dia mety tsy ho azontsika loatra ny fanoharana satria tsy maro amintsika ny efa nahita ny voaloboka. Raha tsorina dia i Jesoa no hazo ka isika no rantsany. Tian'i Jesoa ho fantatra na rantsana mamoa isika na tsia ary izay no lèlana fanorenana ny Eglizy satria ny Paka dia fandalovana (passage), miala amin'ny fiainana ratsy ka miditra amin'ny fiainam-baovao ka hahatonga antsika ho olo araikeo ao amin'Andriamanitra, fanorenana Eglizy fianakaviamben'Andriamanitra izany.

Raha te-hanorina Eglizy trano na Eglizy Olona velona dia tsy maintsy mitoetra ao amin’I Jesoa isika mba hamokatra ary izany no voalazan’ny Evanjely amintsika. Ambaran’I Jesoa mazava tsara “Izaho no tena foto-boaloboka ary ny Raiko no mpamboly”. Izy no voaloboka mahafapo ny Ray satria nanaiky azy am-pitiavana ka namokatra be. Izany koa no tsy maintsy ho anjaram-piaianantsika. Matoa tsy mamokatra ny fiaianantsika na tsirairay na isam-pianakaviana na ara- piaraha-monina na eo anivon’ny firenena dia satria rantsana tsy mitoetra amin’ny fototra isika.

Avy amin’ny voaloboka no hanaovana ny divay ary ny baiboly dia manambara hafaliana sy aina ny divay. Atolotr’I Jesoa amintsika koa ny divay izay miova ho ràny. Raha mitoetra amin’ny fototra dia tahaka an’i Jesoa dia hamokatra be isika sampana, raha ny sampana kosa tsy mamokatra dia hotapahina araky ny henontsika tamin’ny evanjely ka atao any amin’ny afo ka ho potika *“Ny sampana rehetra tsy mamoaeo amiko dia esoriny, ary izay rehetra mamoaeo dia rantsanany mba hampamoa azy bebe kokoa.”*. Sanatria anie izany, milaza isika matetika hoe aoka isika ho génération mpanorina fa tsy ho mpandrava isika. Raha rantsana tsy mamokatra isika dia lasa taranaka mpandrava, mamokatra isika raha mitoetra ao amin’I Jesoa, izany no maha Kristianina antsika

Na dia Kristianina aza isika tsy maintsy ho rantsanana sy diovina Olona Velona ny maha Kristianina antsika izany. Ezaka ataontsika izany amin’ny fanorenana ny Eglizy. *“Fa ny sampana izay tsy miray amin’ny foto-boaloboka, tsy mahazo mamoaeo azy, ary toy izany koa ianareo raha tsy mitoetra ao amiko”* hoy I Kristy. Raha te-hampamokatra ny fiaianantsika dia tsy maintsy miray amin’I Jesoa. Na dia izany aza tsy maintsy ho diovina ny rantsana mba hamokatra bebe kokoa sy ho voninahitry ny Ray ny hafaliansika rehefa mamokatra.

Ezaka tsy maintsy ataontsika fa indrindra isika miomana amin’ny filankevitra pastoraly izao, tsy maintsy misy ezaka ny fanorenana dia ny fahafoizana, ny faharetana, tsy maintsy maharitra isika hitoetra ao amin’I Jesoa, tsy hoe androany isika hivavaka dia hamokatra, hain’Andriamanitra izany satria tsy misy tsy hainy atao fa tsy maintsy miezaka isika, izany fiezahana izany no fanadiovana.

Tsy maintsy mijoro amin’ny fahasahiana koa isika, mety hadalain’olona isika tahaka ny nanjo an’I Jesoa, aoka isika hifikitra sy hitoetra ao aminy anatin’ny faharetana sy fitokiana. Aoka isika hijoro ho vavolombelona tahaka an’I Lucien Botovasoa, tsy natahotra fa sahy nijoro hatrany ho vavolombelona. Aoka isika hanambarantsika fa tena mitoetra ao amin’I Jesoa tokoa isika hanana fitiavam-bavaka ary izany no araraotina eto hanasana antsika mba hivavaka bebe kokoa fa indrindra amin’izao fiomanana ny filankevitra pastoraly izao. Antsointsika ny fanahy masina mba hanavao antsika, ny fahasoavan’andriamanitra hahatonga antsika ho génération mpanorina tokoa araky ny voalaza ao amin’ny vakiteny voalohany. Hitantsika fa handeha any Jerosalema I Paoly handinika miaraka amin’ireo Apôstôly, miaraka amin’ny Piera.

Izany koa no antaontsika amin'ny filankevitra pastoraly, ho tonga aty amin'ny renivohitry ny diosezy ny rehetra mba handinihintsika miaraka ny fanorenana ny Eglizy Olona Velona “ *Tamin’izany andro izany, nankany Jerosalema i Saoly, ka nitady hikambana tamin’ny mpianatra* ”

Handinika, hifikitra tsara amin'ny fiainan'ny eglizy amin'ny fiainana andavanandro, izany no iezahantsika amin'ny filankevitra pastoraly. Aza matahotra isika fa mirosoa amin'ny ezaka mety ho vitantsika, raiso ny adidintsika. Diniho ireo taratasy efa nalefa amintsika. Zany koa no ampatsiahivin'ny vakiteny faharoa manambara ny fanorenana ny Eglizy amin'ny alalan'ny fifankatiavan'ny vita batemy “ *Anaka, aoka isika tsy ho tia am-bava sy amin’ny teny fotsiny, fa amin’ny asa sy amin’ny fo tokoa. Izany no hahafantarantsika fa avy amin’ny marina isika, sy hahazoantsika mampatoky ny fontsika eo anatrehan’Andriamanitra* ” Izany no entintsika hanorina ny Eglizy Olona Velona, izany no tena apôstôly satria miray aina ao amin’I Kristy, mitoetra ao amin’I Kristy ka hamokatra be.

Matoky, mifankatia, tsy matahotra fa mijoro ho tena vavolombelona izany no apôstôly.

Ry Jesoa Kristy zokinay ô, amin’izao fiomananay amin'ny asa fanorenana ny EOV Eglizy Olona Velona sy ETA Eglizy Tranon’Andriamanitra dia mangataka aminao izahay, ianao no foto-boaloboka, mba ho mafy kokoa ny fiombonanay aminao, hamafiso ny finoanay ka tsy hatahotra izahay, hanana fahasahiana ka hahafoy amin'ny fanorenana ny Eglizy Trano sy ny Eglizy Olona Velona. Hanana fahasahiana tokoa izahay ka ho tonga fahazavana sy fanasina eo amin'ny manodidina anay amin’izany fanorenana izany. Hanana faharetana hifikitra aminao tokoa izahay satria ianao no lâlana sy fahamarinana ary fianana. Hanana fitiavam-bavaka tokoa anie izahay ka hanana hafanampo tanteraka hampamokatra ny fiainanay sy hahay hampitraotra ny finoana sy ny fianana andavanandro. Hampiatra ny fahamarinana, hampihavana, hahay hampijoro ny rariny sy ny hitsiny. Enga anie i Lucien Botovasoa izay modely ho anay hanampy anay hahafahanay hiroso amin'ny lalindalina tokoa hahatonga anay ho génération mpanorina. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson